Mijanona ho Mafy Orina ao anatin'ny Fotoan'ny Fanoherana

Apôstazia tao Kirtland: Ny Ilàna ny Fanarahana ny Mpitarika ao amin'ny Fiangonana

Tamin'ny taona 1837, dia nandalo olana ara-bola ireo Olomasina teo Kirtland, Ohio. Mba hanampiana ireo Olomasina hahaleo tena bebe kokoa ara-bola dia nanangana orinasa iray mitovitovy amin'ny banky i Joseph Smith sy ny mpitarika hafa tao amin' ny Fiangonana izay nantsoina hoe Kirtland Safety Society. Noho ny fahaketrahana ara-toekarena izay niely patrana tamin'izany fotoana izany dia maro ireo banky izay maty antoka nanerana an'i Etazonia. Maty antoka koa ny Kirtland Safety Society tamin'ny fararano 1837. Mpampiasa vola roan-jato tao amin'ilay banky no very saika ny rehetra izay nananany ary i Joseph Smith no nianteheran'ny fatiantoka lehibe indrindra. Na dia tsy ny Fiangonana aza no namatsy ny Kirtland Safety Society dia maro tamin'ireo Olomasina no nihevitra izany ho bankin'ny Fiangonana na bankin'ny Mpaminany ka nanome tsiny an'i Joseph Smith noho ny olany ara-bola. Nanomboka niantso azy ho mpaminany lany hery mihitsy aza ny sasany. Fa na dia teo aza ny tsy fahombiazan'ilay banky dia maro tamin'ireo izay very vola no nanohy tao amin'ny finoana ka nijanona ho marina tamin'ny Mpaminany.

Nanomboka niely patrana teo amin'ireo Olomasina maro ny toetran'ny apôstazia sy ny fanakianana. Ny volana jona 1838, olona nihemotra 200 na 300 teo ho eo no niala ny Fiangonana, anisan'izany ny Apôstôly efatra, ireo Vavolombelona Telon'ny Bokin'i Môrmôna ary mpikambana iray tao amin'ny Fiadidiana Voalohany. Na izany aza maro tamin'ireo Olomasina no nandray io fotoan'ny fitsapana io tamim-pinoana, tahaka ny nataon'i Brigham Young. Nampatanjahan'ny Tompo izy ireo ary nijanona ho marina tamin'ny fijoroana ho vavolombelona izay nananany. Maro tamin'ireo izay nandao ny Fiangonana nandritra io fotoan'ny apôstazia io no niverina indray taty aoriana ary nangataka ny hampiraisana azy ireo indray tamin'ny Fiangonan'ny Tompo. Anisan'izany i Oliver Cowdery sy i Martin Harris sy Luke Johnson ary i Frederick G. Williams.

Tao anatin'ireo fahasahiranana tao Kirtland ireo dia nisy olona izay nihemotra vitsivitsy nitady hamono an'i Joseph Smith. Rehefa nampitandreman'ny Fanahy izy sy i Sidney Rigdon dia nandeha nandritra ny alina tamin'ny 12 janoary 1838. Nanenjika azy ireo ny fahavalony nandritra ny andro maromaro saingy niaro azy ireo ny Tompo. Tonga tao Far West, Missouri izy ireo niaraka tamin'ny fianakaviany tamin'ny 14 martsa 1838.

Ifampiresaho amin'ny mpianatra rehetra ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona no fitsipika azontsika ianarana avy amin'ireo zava-nitranga ireo momba ny fomba handraisana ny fanoherana eo amin'ny fiainantsika. Inona no azontsika ianarana avy amin'ireo zava-nitranga ireo momba ny fomba handraisantsika ny fanoherana ny Fiangonana?
- Inona no azontsika atao mba hijanonana ho mahatoky amin'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana na dia mety haheno ny olona hafa mitsikera azy ireo aza isika?
- Amin'ny fomba ahoana no nitahiana anao satria nanaraka ny tenin'ny mpaminany ianao?

Fifandirana tao Missouri Avaratra: Mianatra ny Miaritra Tsara ny Fanoherana

Tamin'ny taona 1837 sy 1838 dia nanomboka nitory ny Fiangonana sy ny mpitarika tao aminy ny mpikambana tsy faly sy nesorina tsy ho mpikambana sasany izay nonina niaraka tamin'ireo Olomasina tao Far West ary nampijaly ny Fiangonana. Tamin'ny volana Jona 1838, dia nanao lahateny nampientanentana tokoa izay lasa fantatra amin'ny hoe "Toritenin'ny Fanasina" i Sydney Rigdon. Naka hevitra avy tamin'ny Matio 5:13 izy ary nilaza fa raha ny fanasina no tonga matsatso, dia tsy ho tsara na amin'inona na amin'inona izany ka tokony hariana, izay nidika fa tokony ho roahina hiala teo anivon'ny Olomasina ireo izay niala ny Fiangonana. Tapa-bolana taty aoriana, tamin'ny 4 jolay, dia nanao lahateny i Sidney Rigdon izay nampanantenany fa hiaro tena ny Olomasina na dia hiafara amin'ny "ady fandringanana" aza izany. Na dia nifanohitra tamin'ny fampianaran'ny Tompo amin'ny hoe "mamitràna fihavanana" (F&F 105:38) aza ireo lahateny roa ireo, dia navoaka avokoa ireo lahateny ireo ka niteraka fanairana be teo amin'ireo tsy Olomasin'ny Andro Farany.

Nandritra io fotoana io dia nisy olona niova fo iray atao hoe Sampson Avard izay nampanao fianianana miafina ho an'ireo izay hiaraka aminy amin'ny fananganana vondrona jiolahy atao hoe Danita. Nilaza tamin'izy ireo i Avard mba hangalatra sy handroba ny mponin'i Missouri, fa hoe hanampy amin'ny fananganana ny fanjakan' Andriamanitra izany. Nandresy lahatra ireo mpanara-dia azy i Avard fa avy tany amin'ny Fiadidiana Voalohany ny fitarihany. Hita ny marina taty aoriana ka nesorina tsy ho mpikambana i Avard. Niteraka fahavoazana lehibe teo amin'ny fijerin'ny olona ny Fiangonana ny zavatra nataon'i Avard ary nitarika ny fampidirana am-ponja ny Mpaminany tao amin'ny Fonjan'ny Liberty.

Tamin'ny volana oktôbra 1837 dia namela fatin'olona vitsy teo amin'ny roa tonta ny ady nifanaovan'ny mpikamban'ny

Fiangonana sasany sy ny milisy tao Missouri. Tonga tany amin'ny Governora Lilburn W. Boggs, governoran'i Missouri, ny tatitra nitarina momba ilay ady ary namoaka ilay didy izay fantatra amin'ny hoe didy fandripahana izy avy eo: "Tsy maintsy raisina ho toy ny fahavalo ny Môrmôna ary *tsy maintsy ripahina* na roahina hiala amin'ny fanjakana raha ilaina izany mba ho tombontsoan'ny vahoaka" (voalaza ao amin'ny *History of the Church,* 3:175). Tsy ela dia voadidin'ireo milisy iray ny tanànan'i Far West izay maro an'isa lavitra ho dimy ho an'ny iray noho ny herin'ny Olomasina. Naiditra am-ponja tao amin'ny Fonjan'i Liberty i Joseph Smith sy ny mpitarika tao amin'ny Fiangonana hafa ary nijanona tany izy ireo nandritra ny ririnina manontolo. Noterena hiala ny fanjakana ireo Olomasina sisa.

Ifampiresaho amin'ny mpianatra rehetra ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona no fitsipika izay azontsika ianarana avy amin'ireo trangan-javatra ireo mba hanampiana antsika hiaritra ny fanoherana?
- Nahoana no zava-dehibe amintsika tsirairay ny manaraka ny ohatr'i Jesoa Kristy amin'ny fotoan-tsarotra sy ny fanoherana? Inona no nitranga tao Missouri Avaratra noho ny tsy fanaovan'ireo Olomasina izany?
- Oviana no efa nahitanao ny teny na zavatra izay nataon'ny olona iray ka nisy fiantraikany tsara tamin'ny fomba fijerin'ny olona iray hafa ny Fiangonana?

© 2015 AN'NY INTELLECTUAL RESERVE, INC. ZO REHETRA VOATOKANA.